MALAGASY COLLECTIF

Ilaina ny fifampiresahana hampadio sy eken'ny rehetra ny fifidianana ho avy

Maneho ny heviny momba ny raharaham-pirenena aty Madagasikara ny Malagasy Collectif, na ireo Malagasy monina any ivelany:

FIKAONANDOHAM-PIRENENA:

• Tsy azo ihodivirana ny fifampiresahana na inona anarana hoentiny na inona, raha vaha olana maharitra no tadiavina.

• Tsy toerana no hifampiresahana fa fomba hampadio sy hampilamina ny fifidianana ho avy, ho eken'ny rehetra ary hahafahan'ny rehetra mandray anjara.

• Manana toerana lehibe amin'izany ireo ray aman-dreny ara-panahy toa ny FFKM, sy ireo fiarahamonim-pirenena.

FIFIDIANANA SY LISI-PIFIDIANANA:

• Mbola tsy misy volavolan-dalàna na lalàna hatreto mamaritra ny fomba hahafahan'ireo Malagasy monina aty ivelany hifidy.

• Ny malina aza hono mifehy hazo tokana hoy isika Malagasy, ka ahoana moa no hananana fahatokisana raha fitoriana 7000 isa mahery no azon'ny hoe: "azo raisina fa tsy mitombina"?Aty aoriana anefa dia ilay filohan'ny HCC ihany no miteny fa "lasa Sôdoma sy Gômoro" ilay firenena nefa izy anisan'ny tompon'antoka tamin'izany.

• Ahoana no hatokisana ny valim-pifidianana nefa ny filoha lefitry ny CENI teo aloha no nanambara, fa nisy tokoa ny latsabato miverimberina na doublons miisa 1.200.000 mahery sy kara-panondro hosoka.

• Takiana arak'izany ny fisian'ny fifidianana madio ary isan'ny antoka tsy azo ihodivirana, hanome izany ny FIKAONANDOHAM – PIRENENA na inona anarana omena azy na inona, satria fifampidinihina eo amin'ny mety hanatsarana ny fifidianana rehetra ho avy no antony, fa tsy kajikajy hafa.

• Tamin'ny fandalovan'ingahy Rajoelina, izay nahazo fahefana tamin'ny 2018 noho ny antony tsy fantatra, dia nanasa ireo Malagasy aty andilam-bato izy ny taona 2021. Maro ireo Malagasy nisoratra anarana na ao anaty fikambanana na nandeha tamin'ny anaran'ny tenany manokana. Nahazendana ny rehetra fa tsy nisy voaray, fa voasivana avokoa izay nanao izany. Amin'ny fomba ahoana no hahatokisana fifidianana raha aty lavitra aty aza izany no zava misy?

FIARAHAMONIM-PIRENENA, FFKM:

• Zava-dehibe ny faneken'ireo ray aman-dreny am-panahy hanaraka ny fifidianana ary entanina indrindra izy ireo hanamora izany hevitra fampiraisana sy fifampidinihina izany, ho an'ny tombontsoa iombonana.

• Ireo mpiara-miombon'antoka amintsika koa dia efa naneho ny fankasitrahany ny hahitana vahaolana maharitra ary tsy mankasitraka ny hisian'ny fitongilanana, na tsy fanajana ny tany tena demokratika.

• Ny vahoaka Malagasy tsy vaky volo dia manana ny ZO sy ANJARA masoandrony eo amin'ny taniny. Noho izany dia adidin'ny mpanao politika no mihaino azy ireny.

FANOHANANA ARA-KEVITRA SY ARAK'ASA:

• Amin'ny maha-Malaga sy mizaka zom-pirenena hafa an'ireo mpikambana ao amin'ny Collectif des Citoyens d'Origine Malgache Monde dia tombony ny fahafahana mampita sy mifandinika mivantana amin'ireo mpiara-miombon'antoka amintsika. Ao ohatra ny ONU,UA,UE,FMI,BM,USA amin'ny alalan'ireo Lohaolona, sahala amin'izay ihany koa ireo Solombavam-bahoaka Erôpeanina sy ny maro tsy voatanisa.

Ny sasany amin'ireo Malagasy Collectif any ivelany.

• Milaza amin'ireo firenena mpiara-miombon'antoka amin'i Madagasikara ny Collectif des Citoyens Malagasy d'Origine Monde ny tokony hanohanana ny DEMOKRASIA sy ireo rehetra miaro izany sy ny Soatoavina ao aminy. Tsy mety ary manimba ny tombontsoa iraisana ny fahanginana sy famelana rafitra na fitondrana iray tsy manara-dalàna. Ho an'ny Collectif des Citoyens d'Origine Malagasy Monde, ny olona izay tsy nanaraka ny lalàna no nahalany azy dia tsy mendrika ny atao hoe FILOHA, satria ny lalàna tsy natao hamboarina araka izay mahamety azy. Tompon'andraikitra tsy ho afa-bela amin'izany ingahy Eric Rakotoarisoa filohan'ny HCC teo aloha.

• Adidy sy andraikitra ny mikatsaka mandrakariva izay hahasoa sy hampandroso an'i Madagasikara sy ny Malagasy 27 tapitrisa ka mahatonga ny fampahalalana ny zava-misy marina sy ny zavatra hiainan'ny maro an'isa ka mila hitadiavana tohana izany.

• Noho ireo asa aman-draharahan'ny mpikambana sy ireo namana manolo-kevitra dia misy ny fampitana ireo tombana ny zavatra mety hitranga na ny tsara izany na ny ratsy, ho an'ireo heverina fa manana andraikitra mpanatanteraka mba hanamora ny fandraisan'izy ireo fanapahan-kevitra.

• Hiteraka korontana sy tsy fahamarinan-toerana ny fisiana mizana mitanila na zaravilana eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenana. Mba hisorohana izany loza mitatao izany indrindra no ilàna ny FIKAONANDOHAM-PIRENENA.

• Ny firenena milamina dia manana fiaraha-monina mifampihaino ary afaka mandroso ara-toekarena sy lavitry ny disadisa. Ilaina ny filazana ny marina ary tafiditra amin'izany ny fitakiana ny fanadiovana ny lisi-pifidianana sy ny manodidina azy, fa hatreto: MIHAINO VE IREO NAHAZO FAHEFANA?

• Ho fitsinjovana ny maha-olona dia misy ireo fiaraha-miasa amin'ireo mpamatsy vola mikasika ny famokarana sy fampitaovana hisitrahana rano fisotro madio ohatra, hiarahana amin'ny faritra voafidy maromaro. Izany tetik'asa izany dia natao ho azo ampitaina ho atao ohatra amin'ireo faritra hafa, mba hanenika an'i Madagasikara iray manontolo. Ny fikojakojana ny tontolo iainana dia antoka ho an'ny ho avy, ka tsy maintsy mifanahaka amin'izany ny zavatra atao, mba hifamelona fa tsy hifamono.

Nangonin'Isambilo

Faritra Menabe

Raha tsy vakivaky dia mirodana ny "Manarapenitra"

Fotodrafitrasa natsangana ato Menabe, izay vita dia na mirodana ho azy na vakivaky ; tsy misy zavatra tsara fa dia ny loko fotsiny no marevaka fa dia zara fa vita ireo mba vita fa ny ankamaroany dia mihitsoka raha tsy hiresaka afa-tsy ny kianja Manarapenitra Morondava, izay efa tamin'ny tetezamita no nananganana azy hatramin'izao mbola tsy vita dia izao ireo mba vita mirodana ho azy toy ny Tranoben'ny Serasera sy ny Kolontsaina dia potika koa. Ny hopitaly izay lazaina fa manarapenitra vao notokanan'ny Filoha Rajoelina vao tsy ela akory izay dia vakivaky sy mihotsaka ho azy ny plafond, ny ao anatiny moa dia maizina tanteraka rehefa tapaka ny jiro satria tsy misy groupe, etsy ankilany ny hafanana satria tsy ampy ny rivotra. Ankoatr'izay ny vidin'ny fanafody sy ny saran'ny fizahana, midangana tsy zakan'ny vahoaka izay efa mihoatra amin'ny any amin'ny dokotera tsy miankina . Vao ny sabotsy teo koa izao dia saika nahafaty olona ny trano izay natao ho fandraisana ireo traboina na ny bâtiment refuge ato Morondava, vao notokanan'ny minisitra Houlder tamin'ny 16 desambra teo. Zaza kely vao iray volana no nieren-doza satria taboina izy ireo noho ny ranobe, ka namonjy ny trano ho an'ireo traboina, saika loza anefa no hita satria raha hila vonjy dia tra-doza indray anefa, satria hoe azo antoka ilay trano natokan'ny fanjakana hasiana azy, hay nihotsaka ny plafond ka raha tsy nanao sorona ilay zokiny nitaiza azy dia tsy hay izay nahazo ity zaza mena ity, fa ny lohan'ilay zokiny no vaky ny lohany rehefa niaro ny zandriny. Ny residence ny Prefecture indray kosa dia vao miandry ny hitokanana azy dia efa vakivaky sy mihintsana ho azy ny planfond-ny, ka tsy hay hoe ho tampitampenana toy ny CSO Andimaka ao Belo Tsiribihina koa ngamba, izay mampitaraina ireo zandary nampandry tany nivatana tao, fa sady ratsy no tsy ampy rano. Fotodrafitrasa marary fenitra fa tsy manarapenitra no nataon'ny fitondrana ho an'i Menabe hoy ilay mpamily Bajaj tafaresaka taminay, toy ny endriky ny fitondrana ihany ny zavatra ataony loko marevaka sy manaitra nefa hay tsy misy ilana azy.

Rajepa

NY TENY FIAINANA

"Dia ho fantatrareo fa ao afovoan'i Isiraely Aho, Ary Izaho no Jehovah Andriamanitrareo, fa tsy misy hafa; ary tsy ho menatra mandrakizay ny oloko."

Joela 2:27

Ny Valosoa sy fakafaka

Lalana sy lalambe migodana

Toa lasa sorona ny tantsaha sy tany famboleny

Maro ny olom-pirenena no kivy sy nalahelo, tamin'ny fahitana tamin'ny haino aman-jery, ny manjo ireo mponina eny amin'ny toerana nanombohana ny tetikasa arabe migodana, izay nisian'ny fitrongisana ireo tanimbary sy tanimboly amin'ny velaran-tany maro. Niteraka resabe ny fahitana ireo mponina toa very fanahy mbola velona, tsy mahita atao, satria ny tany fivelomana rava sy foana, ny setrin'izany avy amin'ny fanjakana anefa tsy hita. Inona no atao hahavelona ? Lasa sorona ireo mponina sy ny tany famboleny raha ny fahitana ny zava-misy, hoy ny mpandinika. Tsy ninian'izy ireo anefa na notakiany ny hisian'izany tetikasa izany any aminy, indrindra raha izao manjo azy ireo ankehitriny izao.

Tsy izy ireo irery ihany anefa no iharan'izany fa, miantraika eo amin'ny vahoaka malagasy sy ny firenena manontolo izany. Ny tiana ambara, dia fihenan'ny velaran-tany fambolem-bary sy ny voka-bary. Tsy iadian-kevitra fa misy izany voka-dratsy izany. Iaraha-mahalala, fa tsy ampy ny voka-bary eto Madagasikara nandritry ny taona maro izao. Tsy hita koa anefa izay ezak'izao fitondrana izao amin'ny fanitarana na fampitomboana ny velaran-tany fambolem-bary, na manana tany ho azo anaovana izany aza isika. Ny mitranga miharihary, tato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao, dia tsy nitsaha-nitombo ny lanjam-bary afarana avy any ivelany. Ny tantsaha any ivelany indray no tohanana, fa tsy tantsaha malagasy, hoy ny mpamakafaka ny raharaham-pirenena dia jerem-potsiny tsy ampiana, na misy mahazo fanampiana aza dia tsongatsongaina. Volabe mivoaka ihany koa izany etsy ankilany. Izany hoe ny volan'ny firenena mihena, ny any ivelany miha manan-karena, ny tantsaha malagasy tsy misy mpiahy, fa ny kely eo am-pelatanany aza alàna aminy, ny sakafon'ny vahoaka malagasy atao antandrevaka. Resabe fotsiny ihany no novoizin'ny filohan'ny Repoblika tany Dakar, ny amin'ny resaka fanjarian-tsakafo sy ny fiahiana ny tantsaha, fa izany no zava-misy, ary mahalala izany tsara ny maro.

Mbola hitombo isa ireo tantsaha malagasy iharampahavoazana amin'ny fanaovana tetikasa arabe migodana toy izao satria mbola vao miantomboka ny asa. Asa koa raha ho vita ao anaty fotoana nofaritana sy nidedahana? Sokajina sarambabem-bahoaka iray izao mitranga izao, ary saika mipoitra ao anatin'izao fitondrana ireo sokajy hafa samihafa mitaraina amin'ny manjo azy. Niha nanalavitra ny Malagasy hatrany ilay mba faniriany ao anaty hiram-pirenena hoe: "…hiadana sy ho finaritra, he sambatra tokoa izahay", ho lasa nofinofy sisa izany raha izao fitondrana izao no mbola hitohy hitondra atsy ho atsy, enga anie ka mba tsy hisy intsony izany hoy ny maro.

Sôh'son

Foto-drafitrasa Manarapenitra, simba sahady any Morondava.